**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**
***Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana***

# LOI n°2005-006
# portant Politique Culturelle Nationale pour un développement socio-économique

## EXPOSE DES MOTIFS

Afin d'assurer les bases du progrès national, il semble de plus en plus nécessaire de faire de la culture vivante des Malgaches, constituée à la fois de son identité et de sa diversité, une source de richesse.

Quelles que soient les dénominations données : riba, harentsaina, lovampirenena, fombandrazana, la culture est toujours faite d'interprétation de l'histoire pour vivre le présent et construire l'avenir ; c'est en reconnaissant les capacités culturelles des Malgaches que l'on peut être certain que leurs forces, loin d'être seulement référence au passé des ancêtres, comportent aussi d'énormes potentialités pour transformer bénéfiquement leur futur.

Il s'agit de faire du patrimoine culturel que le peuple Malagasy a hérité de ses ancêtres, un capital pour la construction d'une paix durable, préalable **à** un développement profond et réel. La culture malgache forme un ensemble qui l'identifie dans son unicité par rapport à celles d'autres nations, mais dont la diversité reconnue constitue une richesse qu'il importe de valoriser.

Ainsi, conscient du fait :

- de l'attachement indéfectible des malgaches à leur culture ancestrale, base de leur ordre social et exprimée par les arts, les croyances, le respect de l'environnement matériel et immatériel, la langue et la parole ;

- de la richesse de la culture malgache tant dans son unité que dans sa diversité, illustrée notamment par l'acceptation des autres dans leurs différences « tsongoy fon-tena, tsongoy fon'olona » gage d'une cohabitation harmonieuse et de réduction des injustices ;

- de l'importance de la culture dans tout projet de développement, conditionnée par l'adoption d'une culture de participation et de dialogue

unissant tout malgache ayant la foi et les capacités d'être maîtres de leur destin ;

- et aussi du fait que le développement culturel est indissociable du développement global et que l'identité et la diversité culturelles malgaches sont un capital essentiel pour la définition de formules de développement durable ;

- que les pratiques artistiques et culturelles doivent être renforcées aussi bien par l'Etat que par les institutions privées et la société civile ;

- que la liberté de création est un droit humain fondamental et que toutes les formes d'initiatives culturelles créatrices doivent être stimulées et encouragées ;

- de l'échec des tentatives de développement dans le pays dus aux résistances culturelles des Malgaches face aux essais de tranformations de leurs sociétés.

Prenant en compte :

- la déclaration de Cotonou (2$^{ème}$ conférence ministérielle sur la Culture 2001) qui soutient que : « La diversité culturelle contribue à créer les conditions d'un développement durable fondé sur des principes démocratiques de justice, de transparence et d'équité garantissant la cohésion sociale et l'épanouissement d'une identité commune.

Cette diversité culturelle joue un rôle dans la promotion d'une culture de la paix et de la démocratisation des relations internationales. Elle est seule susceptible de favoriser l'expression de la pluralité des identités et de créer les conditions de dialogue et de l'enrichissement mutuel des cultures et des civilisations tout en permettant à chacun de s'approprier son histoire et d'accéder aux autres cultures ».

- Les recommandations de l'UNESCO (in Rapport Mondial sur la Culture 2000) qui stipulent que : L'accès à la culture est un droit fondamental… et que chaque individu a droit à la reconnaissance de sa culture, de son identité,… à condition qu'il respecte celles des autres.

« Cette reconnaissance fait partie intégrale des droits humains… et que le pluralisme culturel doit intégrer les droits humains tout en octroyant aux groupes culturels le droit à la diversité dans la sphère publique ».

« Un équilibre entre l'Etat, le secteur privé et la société civile, fournit les fondations sociales de la paix, de la prospective, de la démocratie et de

l'égalité ».

« Les politiques culturelles devraient soutenir les réseaux qui élaborent des conceptions nouvelles des droits à l'existence, à l'autonomie et à l'économie, ainsi qu'à la nature en termes d'écologie intégrant les processus humains ».

- Les constats faits à l'endroit de la situation culturelle à Madagascar selon le DSRP mettant en relief que « la population malgache… connaît des problèmes d'insertion sociale, d'identité culturelle et d'intégration au développement du pays… sur le plan culturel… certains ne sont plus dans la sphère de la culture malgache sans pour autant parvenir à intégrer la culture mondiale qui envahit son environnement…

Le Gouvernement relève le défi en engageant l'identité culturelle et l'expression de ses diversités comme vecteurs clés pour la renaissance d'une société de bonne gouvernance et par conséquent constituer une source de fierté nationale dynamisante pour la population.

… La stratégie d'intervention consiste à promouvoir la culture aussi bien à l'intérieur qu'à l'extérieur du pays ». (p.108)

Sachant que :

- La culture peut favoriser :

* des stratégies d'habilitation (empowerment) et la création d'espaces éducatifs favorisant des attitudes sociales positives pour le développement humain parce que basé sur les potentialités accrues des citoyens ;

* des formules d'équilibre entre l'Etat, le secteur privé et la société civile, fournissant les fondations sociales de la paix, de la prospective, de la démocratie et de l'égalité ;

* des stratégies éducatives favorisant des attitudes sociales positives pour le recadrage des identités populaires, majoritaires comme minoritaires ;

* la définition de stratégies concrètes favorisant des comportements nécessaires pour le discours social et politique relatif à une société démocratique et mondialisée.

Sur le plan international

* L'écart grandissant entre pays riches et pauvres engendre une culture hégémonique favorisant cet état de fait.

* Le renforcement d'une culture internationale dont les valeurs fondamentales sont : la liberté, l'égalité, la tolérance, le respect de la nature, le partage des responsabilités pour instaurer un monde plus pacifique, plus prospère et plus juste, devient de plus en plus nécessaire.

« Nous sommes convaincus que le principal défi que nous devons relever aujourd'hui est de faire en sorte que la mondialisation devienne une force positive pour l'humanité tout entière ».
($5 Préambule des Nations Unies dans la Déclaration du Millénaire).

* Les moyens pour arriver à cette force positive dans le dialogue entre les civilisations sont : la recherche de la paix, le développement et l'élimination de la pauvreté, la protection de l'environnement, les droits de l'homme, la démocratie et la bonne gouvernance, la protection des groupes vulnérables.
(Plan des objectifs de la Déclaration du Millénaire, New York 2000)

Sur le plan national

* Se fait de plus en plus claire la conscience de la nécéssité d'une culture plurielle, diversifiée mais unique dans sa volonté d'intégrer les différences pour les exprimer dans une civilisation d'échanges fructeux, capable d'intégrer les dynamismes culturels de la Nation dans un projet commun de progrès humain.

Considérant que :

- L'Etat malgache a ratifié la Charte Culturelle de l'Afrique par Ordonnance n° 76-038 du 10 novembre 1976 ;

- La Constitution de la République de Madagascar stipule que :

  - « L'Etat organise l'exercice des droits qui garantissent pour l'individu l'intégrité et la dignité de sa personne, son plein épanouissement physique, intellectuel et moral » (art 17) ;

  - « Tout individu a le droit de participer à la vie culturelle de la Communauté, au progrès scientifique et aux bienfaits qui en résultent » ;

- « L'Etat assure la promotion et la protection du patrimoine culturel national ainsi que la production scientifique, littéraire et artistique » (art 26).

Une politique culturelle est mise en place, cadre juridique pour valoriser notre identité et notre diversité culturelles, fournit un outil qui garantit le renforcement de l'indentification de chaque citoyen à la Nation, et c'est aussi un instrument qui harmonisera les efforts des gouvernants, des techniciens du développement et des citoyens de base.

Il s'agit donc avec cette Loi de permettre l'organisation des efforts de tous vers un renouveau culturel pour des sociétés démocratiques, respectueuses des droits de l'homme et soucieuses de l'environnement dans un processus de communication sociale efficace.

- La conception de la Politique Nationale de la Culture, sa mise en œuvre ainsi que la coordination des actions dans son application échoient au Ministère chargé de la Culture.

Tel est l'objet de la présente Loi.

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**
*Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana*

# LOI n° 2005-006
# portant Politique Culturelle Nationale pour un développement socio-économique

L'Assemblée nationale et le Sénat ont adopté en leur séance respective en date du 13 juin 2005 et du 14 juillet 2005, la Loi dont la teneur suit :

## CHAPITRE PREMIER
## DEFINITION ET PRINCIPES

**Article premier**.- La Culture est l'ensemble des traits distinctifs, spirituels et matériels, intellectuels et affectifs caractérisant une société ou un groupe social englobant, outre les arts et les lettres, les modes de vie, les droits fondamentaux de l'être humain, les systèmes de valeurs, les traditions et les croyances.

**Article 2** .- L'accès à la culture est un droit fondamental et chaque individu a droit à la reconnaissance de sa culture, de son identité, à condition qu'il respecte celles des autres.

**Article 3**.- Le pluralisme culturel est reconnu et donne aux groupes culturels le droit à la diversité dans la sphère publique.

**Article 4**.- La protection du patrimoine national tant matériel qu'immatériel est une priorité nationale.

**Article 5**.- La liberté de création est un droit humain fondamental et que toutes les formes d'initiatives culturelles créatrices doivent être stimulées et encouragées.

**Article 6** .- Le champ culturel est par excellence celui de la libération à l'égard des obstacles au progrès humain et qu'il doit faire de Madagascar le fer de lance pour vulgariser la Culture des droits humains.

## CHAPITRE II

## OBECTIFS

**Article 7**.- Les objectifs généraux de la Politique Culturelle Nationale sont :

- construire une société harmonieuse avec des Malgaches fiers tant de leur unité que de leur diversité, créatrice de richesses ;

- faire de Madagascar, une île verte et propre, sanctuaire d'une biodiversité régénérée ;

- faire de Madagascar un pays dynamique et prospère, libre et bien gouverné, un modèle de développement et de démocratie ;

- faire de Madagascar un phare culturel régional, plaque tournante de l'espace indianocéanique où règnent le respect de la vie et la recherche de l'harmonie se traduisant par l'esprit de tolérance et de solidarité, le Fihavanana.

**Article 8**.- Les objectifs spécifiques consistent à :

- faire de tous les citoyens malgaches des acteurs efficaces du développement ;

- inculquer en chaque Malgache l'assurance que sa culture favorise des comportements de réussite pour l'avenir ;

- inculquer à tous les citoyens malgaches la confiance en soi, l'esprit d'émulation, le sens de l'effort individuel et collectif et la créativité pour en faire des acteurs efficaces du développement ;

- enraciner l'acquisition de réflexes culturels nouveaux : culture d'efficacité, culture de rentabilité et d'accountabilité ( savoir prévoir, contrôler et rendre des comptes) et surtout culture des droits humains dans l'éducation, en prenant soin de prendre des exemples dans l'humanisme malgache ;

- valoriser ce qui dans nos traditions culturelles favorise le renouveau culturel nécessaire pour des sociétés démocratiques, respectueuses des droits humains et soucieuses de l'environnement dans un processus de communication efficace.

## CHAPITRE III
## STRATEGIES

**Article 9**.- La structuration des programmes d'actions culturelles se fera autour de trois impératifs :

- habilitation des sociétés malgaches ;
- favorise la synérgie état /secteur privé/ société civile ;
- mise en place d'une éducation favorisant le dialogue culturel, le respect mutuel, le développement et la paix durable et valorisant la culture et l'environnement.

**Article 10**.- Tout projet de développement doit comporter une dimension culturelle, par conséquent tous les secteurs économiques et sociaux doivent faire de l'action culturelle une action citoyenne. Cette action doit être soutenue aussi bien par l'Etat que par les Institutions Privées et les Sociétés Civiles.

**Article 11**.- La communication culturelle tant à l'intérieur qu'à l'extérieur de Madagascar doit être développée de manière rapide et pérenne.

**Article 12**.- Les supports de l'action culturelle (structures administratives, de gestion, de formation, de diffusion et de conservation) ainsi que les supports de diffusion culturelle (acteurs de la culture populaire, archives, théatres, centres culturels, bibliothèques, conférences, radio, télévision, cinéma, TIC) doivent être conçus de manière rationnelle et redynamisés.

## CHAPITRE IV
## PLAN D'ACTION

**Article 13**.- Le plan d'action pour la réalisation de la présente politique culturelle nationale comporte six volets non exclusifs :

- la promotion des dialogues culturels ;
- l'élaboration d'une politique linguistique ;
- l'amélioration des conditions de production artistique ;
- le développement des industries culturelles ;
- l'éducation culturelle et citoyenne de la jeunesse malgache ;
- la mise en place des structures.

**Article 14**.- La promotion des dialogues culturels consiste à : recenser, collecter, conserver, restaurer et mettre en valeur le patrimoine culturel matériel et immatériel et les faire connaître dans les divers systèmes éducatifs en utilisant les technologies de l'information ainsi que les médias traditionnels dans des conditions juridiques et commerciales équitables :

- faire des sites historiques réhabilités des modèles écologiques tout en les rendant opérationnels ( reboiser avec des espèces culturellement adaptables, retravailler les anciennes technologies, organiser des évènements culturels traditionnels ou modernes, utiliser les potentialités humaines et tecnhiques de proximité pour la protection et la sauvegarde du patrimoine) ;

- organiser des évènements culturels « phares » ;

- mettre sur pied un réseau national de lecture publique ;

- renforcer la lutte contre l'importation, l'exportation et la vente illicite des biens culturels ;

- diffuser des savoirs scientifiques et techniques de base dans les zones défavorisées ;

- appuyer la recherche / action relatant la profondeur historique de l'installation des populations malgaches ;

- réhabiliter les sites significatifs pour les échanges commerciaux ;

- faciliter, encourager et protéger la production culturelle puisant leur inspiration dans le patrimoine malgache sans exclusion des autres cultures.

**Article 15**.- L'élaboration d'une politique linguistique a pour but de consolider le rôle de la langue malgache, langue maternelle de la quasi-totalité de la population et qui est la langue nationale de la République de Madagascar, conformément à l'alinéa 4 de l'article 4 de la Constitution.

Parallèlement, pour favoriser la diffusion internationale et le rayonnement à l'extérieur de la culture malgache, la maîtrise des langues étrangères s'avère nécessaire.

I- De la langue malgache :

- la langue malgache, élément primordial du patrimoine culturel et outil essentiel dans la réalisation des objectifs de développement est la langue de communication et de promotion sociale et d'éducation dans tout le territoire de la République de Madagascar. Des mesures adéquates doivent être prises pour son utilisation dans les différentes sphères de la vie nationale, notamment dans les communications institutionnalisées et officielles ;

- les échanges entre les divers parlers malgaches seront renforcés en vue d'augmenter le potentiel unificateur de la langue et sa capacité d'exprimer tous les concepts de la vie moderne. Les actions telles que la collecte des traditions orales et leur fixation sur supports durables, l'utilisation de la langue dans les domaines scientifique, pédagogique et artistique seront renforcées.

II- Des langues étrangères :

- l'accès à l'enseignement des langues étrangères ainsi que leur diffusion jusque dans les coins les plus reculés doivent être facilités ;

- les partenaires linguistiques doivent être multipliés ;

- la traduction multilingue doit être renforcée pour permettre la circulation des connaissances, des idées et des produits culturels.

**Article 16**.- L'amélioration des conditions de production artistique comportent les actions suivantes :

- amélioration de l'environnement culturel et artistique ;
- création de structures de formation et d'exposition artistique régionales et nationales ;
- création des banques de données d'informations fiables du patrimoine culturel (professionnels de la culture, bibliographie, création…) ;
- facilitation de la libre circulation nationale des créateurs, artistes, producteurs, communicateurs en les aidant dans leurs démarches.

**Article 17**.- Le développement des industries culturelles embrasse trois champs d'activités :

- les industries culturelles proprement dites ;
- les technologies de l'information ;
- l'audio-visuel.

**Article 18**.- L'essor des industries culturelles implique :

- la mise en évidence de la diversité culturelle tant sur le plan national que régional enrichie des apports positifs de l'extérieur ;
- l'élaboration et l'application d'une politique du livre et de la lecture en faveur du développement d'une industrie nationale de l'édition.

**Article 19**.- Dans le cadre du développement de l'audiovisuel, le Ministère chargé de la Culture :

- développe des projets à caractère radiophonique assurant la promotion et la valorisation de l'identité culturelle et de la diversité de ses expressions ;
- veille à la régulation et au contrôle de l'audiovisuel et de la communication, leur mise en réseau au renforcement de leur indépendance ;
- assure le dialogue de la culture au sein de l'espace malgache ;
- mène des actions favorisant le développement cinématographique et audiovisuel en privilégiant une stratégie encourageant l'émergence et le développement d'un secteur privé capable de répondre aux besoins actuels et futurs de canaux de diffusion ;
- définit une stratégie de production et de programmations télévisuelles répondant aux attentes des spectateurs en matière de programmation de proximité (séries, magazines, téléfilms) inspirés de contextes sociaux et culturels locaux ;
- met en place une stratégie favorable aux créateurs et aux investisseurs privés ;
- favorise la distribution et l'exploitation des œuvres cinématographiques et audiovisuels et à leur insertion dans des circuits de salles.

**Article 20**.- L'éducation culturelle et citoyenne de la jeunesse malgache exige :

- l'intégration dans le programme scolaire d'un cours d'éducation citoyenne civique et culturelle ;

- l'intégration dans le programme scolaire à tous les niveaux des arts plastiques pour stimuler la créativité ;
- la création des centres de formation culturelle et artistique pour les beaux-arts, les arts appliquées, les professions et les métiers culturels ;
- le renforcement des espaces d'échanges culturels au sein des établissements scolaires et universitaires.

**Article 21** .- Des structures de concertation permanente élargie aux acteurs culturels de la société civile et du secteur privé sont mises en place : le Conseil National pour l'orientation de la culture et le Conseil National des arts est définie par voie réglementaire.

## CHAPITRE V
## DISPOSITIONS DIVERSES ET FINALES

**Article 22**.- Des textes réglementaires seront pris en application de la présente Loi.

**Article 23**.- La présente Loi sera publiée au Journal Officiel de la République.

Elle sera exécutée comme Loi d'Etat.

**Antananarivo, le 14 juillet 2005**

**LE PRESIDENT DE L'ASSEMBLEE NATIONALE,** **LE PRESIDENT DU SENAT,**

**LAHINIRIKO Jean RAKOTOMAHARO** **RAJEMISON**

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**
*Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana*

**ANTENIMIERAMPIRENENA**

**VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA FAHA 048/2004 tamin'ny 19 novambra 2004**
**mikasika ny Politikam-pirenena hoenti-mampandroso ny toekarena sy ny ara-tsosialy**

## FAMELABELARANA NY ANTONANTONY

Mba hiantohana ny fototry ny fampandrosoam-pirenena dia heverina fa tena ilaina mihitsy ny hanaovana ny kolontsaina velon'ny Malagasy, ahitana miaraka ny maha izy azy sy ny fahasamihafana, ho loharanon-karena.

Na inona na inona ny famaritana omena, riba, harentsaina, lovam-pirenena, fomban-drazana, ny kolonrsaina dia fanehoana lalandava ny tantara mba hiainana ny ankehitriny ary hananganana ny ho avy ; amin'ny fiekena ny fahaiza-manao ara-kolontsain'ny Malagasy no ahazoan'antoka fa ny tanjany dia, tsy atao fotsiny ho fitsiahy nylasan'ny razam-be, fa ahitana koa harena goavana azo trandrahana mba hanatsarana ny ho aviny.

Izany dia ny mba hanaovana ny haren-tsain'ny vahoaka Malagasy, izay nolovainy tamin'ny razany, ho fototra amin'ny fametrahana ny fandriampahalemana maharitra, antoky ny fampandrosoana lalina sy azo tsapain-tànana. Mivondrona ho iray ny kolontsaina Malagasy, izay no mampiavaka ny maha iray azy raha ampitahaina amin'ny firenen-kafa, nefa ny fahasamihafana izay ekena dia harena tokony homen-danja.

Noho izany, ny fahatsapana :

- ny fifikiran'ny Malagasy mafy amin'ireo kolontsainy nentin-drazana, fototry ny fiaraha-monina ary taratra amin'ny zava-kanto, ny finoana, ny fanajana ny tontolo hita vatana sy tsy hita vantana, ny fiteny ary ny fitenenana ;

- ny haren'ny kolontsaina Malagasy, sady amin'ny maha tokana azy no maha samihafa azy, izay aseho indrindra amin'ny fanekena ny hafa eo amin'ny tsy fitoviany “tsongoy fon-tena, tsongoy

fon'olona”, antoky ny fiaraha-monina mirindra sy ny fampihenana ny tsy rariny ;

- ny maha zava-dehibe ny kolontsaina amin'ny tetikasa fampandrosoana rehetra, miankina amin'ny fankatoavana ny kolontsaina handraisan'ny rehetra anjara sy hifanakalozan-kevitra izay mampiray ny Malagasy rehetra izay manana finoana sy fahaiza-manao mba ho tompon'ny ho aviny ;

- ny fampandrosoana ara-kolontsaina dia tsy azo sarahana amin'ny fampandrosoana anbkapobe ary ny maha izy azy sy ny maha samihafa ny kolontsaina Malagasy dia haren-dehibe amin'ny famaritana ny raikipohin'ny fampandrosoana maharitra ;

- ny fomba amam-panao ara-javakanto sy ara-kolontsaina dia tsy maintsy hatevenin'ny Fanjakana sy ny fikambanana tsy miankina amin'ny Fanjakana ary ny fiaraha-monin'olon-tsotra ;

- ny fahafaha-mamorona dia zo fototry ny olombelona ary ny endrika rehetra amin'ny hetsika famoronana ara-kolontsaina dia tsy maintsy entanina sy amporisihina ;

- ny tsy fahombiazan'ny andram-pampandrosoana ao amin'ny firenena vokatry ny fanoherana ara-kolontsaina nataon'ny Malagasy manoloana ireo andram-panovàna ny fiaraha-moniny.

Noho ny fiheverana :

- ny fanambàrana tany Cotounou (fivoriana faharoa natao teny anivon'ny Minisitera, mikasika ny kolontsaina tamin'ny taona 2001) izay manamafy fa : “Ny Fahasamihafana ara-kolontsaina dia manampy amin'ny fametrahana fepetra fampandrosoana maharitra, izany dia mifototra amin'ny fenikevitra demokratikan'ny fahamarinana, ny fangaharahana ary ny rariny sy ny hitsiny izay manome antoka ny firindrana ara-tsosialy ary ny fivelaran'ny maha izy azy iombonana.

Io faha-samihafana ara-kolontsaina io dia manana andraikitra amin'ny fampivoarana ny kolontsaina ho an'ny fandriampahalemana ary ny famahoana ny fifandraisana iraisam-pirenena. Izy ihany no afaka manome vahana ny fanehoana ny maha-maro karazana ny maha izy azy sy mandrafitra ireo fepetra momba ny fifanakalozan-kevitra sy ny fanamaroana miaraka ireo kolontsaina sy fomba amam-panao ary ahafahan'ny tsirairay mifaka amin'ny tantarany sy miditra amin'ireo kolontsaina hafa” ;

- ny fanambarana nataon'ny UNESCO (Tatitra Iraisam-pirenena momba ny Kolontsaina, tamin'ny taona 2000) izay milaza fa : Ny fidirana amin'ny Kolontsaina dia zo fototra… ary ny tsirairay dia mananjo amin'ny fankatoavana ny kolontsainy, ny maha izy azy… raha toa manaja ny an'ny hafa.

"Izany fankatoavana izany dia tafiditra tanteraka ao anatin'ireo zon'olombelona… ary ny fahamaroan'ny kolontsaina dia tsy maintsy tafiditra ao amin'ireo zon'olombelona sady manome an'ireo vondron-kolontsaina zo ho maro karazana ao anatin'ny sehatra ho an'ny daholobe".

"Manome ny fototra ara-piarahamonin'ny fandriampahalemana, ny fitsinjovana ny ho avy, ny famahoana ary ny fitoviana ny fifandanjana misy eo amin'ny Fanjakana, ny sehatra tsy miankina ary ny fiarahamonin'olon-tsotra".

"Ireo politika ara-kolontsaina dia tokony hanohana ireo tambajotra izay mandrafitra ireo volavolan-kevitra vaovao mikasika ny zo amin'ny fahavelomana, amin'ny fizakan-tena sy ny fihariana ary koa eo amin'ny lafiny tontolo manodidina izay mampiditra ny fampivoarana ny maha-olona".

- Ny fizaham-pototra ny zava-misy eo amin'ny toeran'ny kolontsaina aty Madagasikara araka ny tahirin-kevitra ho Fampihenana ny Fahantrana (DSRP) dia mampiseho fa "ny vahoaka Malagasy…dia manana olana eo amin'ny famerenana indray ho anivon'ny fiaraha-monina, ny maha-izy azy ara-kolontsaina ary ny fandraisana anjara amin'ny fampandrosoana ny firenena… eo amin'ny lafiny ara-kolontsaina… ny sasany dia tsy ao amin'ny tontolon'ny kolontsaina Malagasy intsony raha tsy mampiditra ny kolontsaina iraisam-pirenena izay mandrakotra ny tontolo iainany…

Manao fanamby amin'ny fampidirana ny maha izy azy ara-kolontsaina ary ny fanehoana ny fahasamihafany ho tsilom-panentana amin'ny fametrahana indray fiaraha-monina tsara tantana ny Governemanta ary noho izany dia ho loharon'ny hetsiky ny hambom-pom-pirenena mampientana ho an'ny vahoaka… Ny paik'adim-pirotsahana dia mifototra amin'ny fampiroboroboana ny kolontsaina na eo an-toerana izany na any ivelan'ny firenena" (p 108).

Amin'ny fahafantarana fa :

- Ny kolontsaina dia afaka manome vahana :

- ireo paik'adim-panomezana andraikitra (empowerment) ary ny fananganana ireo seham-panabeazana manome tombon-

dahiny ireo hetsika tsara ara-tsosialy ho an'nty fampandrosoana ny olona satria mifaka amin'ny fampitomboana ireo fahafaha-mamokatry ny olompirenena ;

- ireo fitsipika momba ny fifandanjana eo amin'ny Fanjakana, ny sehatra tsy miankina ary ny fiarahamonin'olon-tsotra, izay manome ny fototrra ara-piarahamonin'ny fandriampahalemana, nu fitsinjovana ny ho avy, ny famahoana ary ny fitoviana ;

- ireo paik'ady momba ny fanabeazana izay manome vahana ireo hetsika tsara ilaina mba hamaritana indray ny maha izy azy ny vahoaka, na maro izany na vitsy ;

- ny famaritana ireo tena paik'ady hanome vahana ireo hetsika ilaina amin'ny kabary ara-tsosialy sy ara-politika mikasika ny famahoana sy ny fanatontoloana ny fiarahamonina ; noho izany dia ilaina ny mampiditra politika miady amin'ny fanavakavahana amin'ny fandaharan'asa rehetra izay tsy ho fanentanana fotsiny fa ho fampihatra eo amin'ny fiaraha-monina amin'ny fiainana andavanandro.

- Eo amin'ny lafiny iraisam-pirenena :

- ny elanelana misy eo amin'ny tany manan-karena sy mahantra dia miteraka kolontsaina miseho ho tena tompony izay manome vahana io toe-javatra io ;
- ny fanamafisana ny kolontsaina iraisam-pirenena izay manana hevitra fototra amin'izany dia ny : fahafahana, ny fitoviana, ny fandeferana, ny fanajana ny zava-boahary, ny fizarana andraikitra mba hametrahana tontolo tena milamina, tena mandroso ary tena marina dia ilaina mihitsy.

« Resy lahatra izahay fa ny fanamby lehibe izay tsy maintsy hataontsika ankehitriny dia ny fanaovana ny fanatontoloana dia zary hetsika tsara ho an'ny olombelona iray manontolo ».

($5 Savaranonando tamin'ny Fanambarana ny taona Arivo nataon'ny Firenena Mikambana)

- ireo ho enti-manana mba hahatongavana amin'io hetsika tsara io mikasika ny fifanakalozan-kevitra eo amin'ny fomba

amam-panao dia ny : fitadiavana ny fandriampahalemana, ny fampandrosoana sy ny fanafoanana ny fahantrana, ny fiarovana ny ronrolo iainana, ny zon'olombelona, ny famahoana ary ny fitondram-panjakana tsara tantanana ny fiarovana ireo vondrona maro voakasika.

(Drafitr'ireo tanjon'ny Fanambarana ny Taona Arivo tany New York tamin'ny taona 2000).

- Eo amin'ny lafiny Firenena :

➢ mihamazava hatrany ny fahatsapana ny filàna kolontsaina maro, amin'ny endrika samihafa nefa tokana amin'ny fanirina hampiditra fahasamihafana mba hanehoana ao anatin'ny fomba amam-panao, fifanakalozana mamokatra, afaka mampiditra ny hetsika ara-kolontsain'ny Firenena ho ao anatin'ny tetikasa fampandrosoana iombonana ny olona.

Satria :

- ny Firenena Malagasy dia nankatoa ny sata mifehy ny kolontsaina aty Afrika araka ny Hitsivolana laharana faha-76-038 tamin'ny 10 novambra 1976 ;

- ny Lalàmpanorenan'ny Repoblikan'i Madagasikara dia milaza fa :

- "ny Fanjakana no mandamina ho an'ny isam-batan'olona ny fampiasana ny zo izay miantoka ny maha izy azy sy ny fahamendrehany tsy ho voatohintohina, ny fivelarany feno ara-batana sy ara-tsaina ary ara-pitondran-tena" (and 17) ;

- " ny isambatan'olona dia manana zo handray anjara amin'ny fiainana koltoralin'ny Vondrombahoaka, amin'ny fandrosoana entin'ny siansa sy amin'ny vokatsoa aterak'izany" ;

- "ny Fanjakana dia miantoka ny fampivoarana sy ny fiarovana ny lovan-tsaim-pirenena ary koa ny famokarana amin'ny lafiny siansa, haisoratra sy zavakanto" (and 26).

Ny fametrahana ny Politikam-pirenena momba ny Kolontsaina, sehatra araka ny lalàna mba hanomezan-danja ny maha izy antsika sy ny fahasamihafan'ny kolontsaintsika, dia manome fitaovana hiantohana ny

fanamafisana ny fahafantarana ny olom-pirenena tsirairay ao amin'ny Firenena, ary izany dia fitaovana ihany koa handrindrana ireo ezaky ny mpitondra, ny teknisiana misahana ny ampandrosoana ary ny olom-pirenena fototra.

Noho izany miaraka amin'io lalàna io no ahafahana mandamina ny ezaky ny rehetra mankany amin'ny fanavaozana ny kolontsaina indray ho an'ny fiaraha-monina demokratika, manaja ny zon'olombelona ary miahy ny tontolo iainana ao anatin'ny fomba fifandraisana ara-tsosialy mahomby.

- Ny famolavolana ny Politikam-pirenena momba ny Kolontsaina, ny fanatanterahana azy ary koa ny fandrindrana ny lahasa amin'ny fampiharana azy dia ho andraikitry ny Minisitera misahana ny Kolontsaina.

Izany sy izany no antonanton'ity Volavolan-dalàna ity.

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**
*Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana*

**ANTENIMIERAMPIRENENA**

**VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA FAHA 048/2004 tamin'ny 19 novambra 2004**
**mikasika ny Politikam-pirenena hoenti-mampandroso ny toekarena sy ny ara-tsosialy**

Nolanian'ny Antenimierampirenena tamin'ny fivoriana nataony ny faha………………, izao Volavolan-dalàna manaraka izao :

**TOKO VOALOHANY**
**FAMARITANA SY FENI-KEVITRA**

**Andininy voalohany**.- Ny Kolontsaina dia ny fitambaran'ny toetra mampiavaka, ara-panahy ary ara-batana, ara-tsaina ary ara-pitiavana mampiavaka fikambanana na vondron'olona iray ao anaty fiaraha-monina, mahafaoka; ankoatran'ny zavakanto sy ny haisoratra, ny fomba fiaina, ny zo fototra ananan'ny olombelona, ny rafitra momba ny soa toavina ny fomba nentim-pahaearazana ary ny finoana.

**Andininy 2**.- Ny fidirana ho amin'ny kolontsaina dia zo fototra ary mba hananan'ny olombelona tsirairay avy zo hahafantatra ny kolontsainy, ny maha izy azy raha toa izy ka manaja ny an'ny hafa.

**Andininy 3**.- Ny fahamaroan'ny kolontsaina dia fantatra ary manome ny vondrona momba ny kolontsaina ny zo amin'ny fahasamihafana eo amin'ny sarabambem-bahoaka.

**Andininy 4**.- Ny fiarovana ny fananam-pirenena hita vatana na tsy hita vatana dia laharam-pahamehan'ny firenena.

**Andininy 5**.- Ny fahafahana mamorona dia zo fototry ny olombelona ary koa ny endrika rehetra ipoiran'ny tsirin-kevitra hamorona ao amin'ny sehatry ny kolontsaina dia tokony hentanina sy hamporisihana.

**Andininy 6**.- Ny sehatry ny kolontsaina dia voalohany indrindra ny an'ny fanalalahana eo amin'ny sakana amin'ny fivoaran'ny olombelona ary koa tokony ataony ho fanoitra i Madagasikara eo amin'ny fanapariahana ny fampianarana ny zon'ny olombelona.

## TOKO II
## TANJONA

**Andininy 7**.- Ny tanjona ankapobe imasoan'ny Politikam-pirenena momba ny Kolontsaina dia :

- manangana fikambanana mifanaraka amin'ny fiainan'ny Malagasy afaka mirehareha na mikasika ny mahatokana azy namikasika ny fahasamihafana eo aminy, izay mampitombo ny harena eo aminy ;

- manao izay hahatonga an'i Mafagasikara ho Nosy maitso sy madio, ary sehatry ny fahasamihafan'ny tontolon'ny zava-manana aina ;

- manao izay hahatonga an'i Madagasikara ho firenena mihetsiketsika sy mamokatra, malalaka sy tsara, filamatra amin'ny fampandrosoana sy ny demokrasia ;

- manao izay hahatonga an'i Madagasikara ho fanilon'ny kolontsaina eo amin'ny faritra, sehatra tsy azo ihodivirana eo amin'ny ranomasimbe indiana izay anjakan'ny fanajana aina sy ny fikarohana ny firindra hita amin'ny toetsaina mahay mandefitra sy miray hina, ny Fihavanana.

**Andininy 8**.- Ny zava-kendrena manokana dia :

- manao izay ahatonga ny Malagasy rehetra ho mpandray anjara mahomby amin'ny fampandrosoana, mampiditra ao an-tsain'ny Malagasy tsirairay ny fahatiokisan-tena fa ny kolontsainy dia manampy amin'ny fihetsika enti-mandresy eo amin'ny fiainana ho avy ;

- mampiditra ao an-tsain'ny Malagasy rehetra ny fananana fahatokisan-tena, ny toetsaina mifaninana, ny fahazoana ny ezaka ataon'ny tsirairay sy itambarana ary ny fahafaha-mamorona ahatonga azy ireo fanoitra mahomby eo amin'ny fampandrosoana ;

- mampiorim-paka ny fananana fahgalalana vaovao mikasika ny kolontsaina : fahalalana momba ny fahaizana manao asa, fahalalana mikasika ny fomba ahitam-bokatra sy ny fahaiza-mitsinjo lavitra (fahaiza-mitsinjo, fanaraha-maso ary fanaovana tatitra momba ny kaonty) ary indrindra fandalinana ny zon'ny olona eo amin'ny

fanabeazana, ka kendrena amin'izany ny hakàna ohatra eo amin'ny fahaiza-miain'ny Malagasy ;

- mandinika, ao amin'ny lovantsofina momba ny kolontsaina izay mandrisika na manakana ny fanavaozana eo amin'ny sehatry ny kolontsaina ilain'ny fikambanana demokratika, manaja ny zon'ny olona sy mieritreritra hatrany ny tontolo iainana eo amin'ny fizotry ny fifandraisana ahitam-bokatra.

## TOKO III
## TETIK'ADY

**Andininy 9**.- Ny firafitry ny fandaharana asa momba ny raharaha mikasika ny kolontsaina dia atao manodidina ireto zavatra telo tsy azo ialana ireto :

- fanarenana ny fikambanana Malagasy ;
-fifandanjan'ny Fanjakana / sehatr'asa tsy miankina amin'ny Fanjakana / fikambanana itambaran'olon-tsotra ;
- fanabeazana manome vahana ny fifanakalozana ara-kolontsaina, fifanajana, fampandrosoana ary ny filaminana maharitra ka manome vahana ny kolotsaina sy ny tontolo iainana.

**Andininy 10**.- Izay rehetra tetikasa momba ny fampandrosoana dia tsy maintsy ahitana taratra ny fivelarana eo amin'ny sehatry ny kolontsaina, ka noho izany ny sampan'asa rehetra mikasika ny toekarena sy ny fiaraha-monina dia tsy maintsy manao ho vaindohan-draharaha ny kolontsaina sy ny fanabeazana ho olom-pirenena. Izany asa izany dia tsy maintsy ampian'ny Fanjakana sy ireo Andrim-pitondrana tsy miankina amin'ny Fanjakana sy ny Fikambanan'olon-tsotra.

**Andininy 11**.- Ho fampahafantarana mikasika ny kolontsaina na eto an-toerana na any ivelan'i Madagasikara dia tsy maintsy hampiroboroboana amin'ny fomba haingana sy maharitra.

**Andininy 12**.- Ny fanohanana ny asa mikasika ny kolontsaina (rafitra ara-panjakana, fitantanana, fanofanana, fampahafantarana ny besinimaro sy fikajiana izany) ary koa ny fanohanana ny fampahalalàna miaksika ny kolontsaina (fanoitra amin'ny kolontsaina itambarambe, tantsoratrela, teatra, foibe momba ny kolontsaina, trano famakiam-boky, fihaonana, radio, televiziona, sinema, TIC) dia tsy maintsy eritreretina araka ny tokony ho izy sy omena aina vao.

## TOKO IV
## DRAFITRY NY ASA

**Andininy 13**.- Ny drafitry ny Asa fanatanterahana ity politikam-pirenena momba ny Kolontsaina ity dia ahitana lafiny enina tsy anavahana : ny fampivoarana ny resaka ifanaovana momba ny kolontsaina, ny famolavolana ny politika momba ny teny, ny fanatsarana ny fepetra momba ny famokarana ara-javakanto, ny fampandrosoana ny indostria momba ny kolontsaina, ny fanabeazana momba ny kolontsaina sy maha olom-pirenena ny tanora Malagasy sy ny fametrahana ny faritra.

**Andininy 14**.- Ny fampiroboroboana ny resaka ifanaovana momba ny kolontsaina dia misy ny : fanisana, fanangonana, fitehirizana, fanatsarana ary ny fanamaintisa-molaly ny harena momba ny kolontsaina hita vatana sy tsy hita vatana ary mampahafantatra izany any amin'ny rafitra samihafa mikasika ny fanabeazana amin'ny fampiasana ny haitao momba ny fampahalalam-baovao ary koa ny fitaovana ampitam-baovao nentim-paharazana araka ny fepetra momba ny lalàna sy ny varotra araka ny rariny sy hitsiny.

- Manao ireny toera-manintona ara-tantara navaozina ireny ho filamatry ny tontolon'ny zava-miaina ka atao izay hampandeha azy ireo tsara (fambolen-kazo miaraka amin'ny karazana azo ampifanentanina amin' ny kolontsaina, ampiasaina indray ny haitao taloha, fandaminana ny seho ara-kolontsaina nentim-paharazana na manaraka toetr'andro, fampiasana ny fahafahan'ny olombelona mamokatra sy teknika momba ny fanatomorana ho fiarovana sy fitandroana ny harena). Izany dia mba hifanentana amin'ny tontolo manodidina ny fizahan-tany nefa koa hahafahana manangana ny fanaovana izay hahamaro ny tendro mifandray ho enti-mampandroso ny kolontsaina any amin'ny vondrombahoaka fototra ;
- mandamina ny seho ara-kolontsaina “fanilo”, fifaninanana anomezan-tamby, izay mety hatao ohatra ao amin'ny fanamby natolotra, toy ny maharitra roa taona, lanonambe, fanarenana indray ny lanonana ara-kolontsaina any amin'ny faritra ka izany dia anaovana azy ho antoky ny fampivoarana any amin'ny firenena manodidina sy any ivelany ;

- manangana tamban-jotra iray eto amin' ny firenena momba ny famakiam-boky ho an'ny daholobe izay hahafahana miditra amin'ny famakiam-boky, amin'ny fitaovana fampitavaom-baovao nentim-paharazana ho arifomba, amin'ny fanentanana ara-kolontsaina, amin'ny fahalalana, amin'ny fampahalalam-baovao ary

amin'ny fialam-boly amin'ny alalan'ny fiainkinana amin'ny traikefa amin'ny rafitra efa misy (foibem-pamakiam-boky sy trano fanentanana ara-kolontsaina - CLAC - trano famakiam-boky) ;

- fanamafisana ny ady atao amin'ny fanafarana entana, ny fanondranana entana ary ny fivarotana tsy ara-dalàna ireo fananana ara-kolontsaina (fivarotana fanana ara-kolontsaina, fangalaran-tahaka, fandikana ny zava-bitan'ny hafa) ;

- mampiely ny fahalalana siantifika sy teknika fototra any amin' ny faritra tsy manan-tombon-dahiny : fananganana na fanamafisana ny tambajotra/fantsona fanabeazana an'ny Fanjakana na tsy miankina amin'ny Fanjakana foibe fanapariahana siantifika, foibe ara-kolontsaina, fitaovana fampitam-baovao nentim-paharazana ho arifomba ;

- manohana ny fikarohana/asa mitantara ny tena fototra ara-tantara momba ny fiorenan'ny vahoaka Malagasy mba hampisehoana ny fivoriana miandalàna mikasika ny fifanakalozana ara-kolontsaina sy iraisam-pirenena. Izany dia manamora ny fahazoana manaraka ny toetr'andro ny hevitry ny fanamby ara-kolontsaina mikasika ny fanatontoloana ;

- mamerina amin'ny laoniny ireo toerana mirakitra ny hevitra mikasika ny fifanakalozana ara-barotra ;

- manamorona, mampirisika ary miaro ny famokarana ara-kolotsaina izay manovo ny aingam-panahin'izy ireo ao amin'ny harena Malagasy ka tsy anavahana ny kolontsaina hafa, ary iantohana amin'izany ny kalitao afaka mifehy azy ireo eo amin'ny tsena iraisam-pirenena ; mampiseho fa ny fanomezan-danja ny fahasamihafana eo amin'ny kolontsaina Malagasy amin'ny alalan'ny fanamafisana ny fomba ahafantarana ny kolontsaina eo amin'ny firenena dia ahazoana vokatra tsy manan-tsahala sy vaovao ;

- manao dingana mikasika ny kolontsaina eo amin'ny fitantanana ny fananan'ny tanàn-dehibe sy ny tànana ambanivohitra Malagasy.

**Andininy 15**.- Ny famolavolana ny politika momba ny teny dia mikendry ny hanamafisana ny anjara asan'ny teny Malagasy, tenin-drazan'ny ankamaroan'ny mponina manontolo ary tenim-pirenen'ny Repoblikan'i Madagasikara, araka ny andalàna 4 ao amin'ny andininy faha-4 amin'ny Lalàmpanorenana.

Mifanindran-dàlana amin'izany, mba hanomezana tombony ny fampielezana eo amin'ny lafiny iraisam-pirenena sy ny fipariahan'ny kolontsaina Malagasy any ivelany, ny fifehezana ny teny vahiny dia hita fa tena ilaina.

I - Ny amin'ny teny Malagasy :

- ny teny Malagasy, singan-javatra fototry ny harena ara-kolontsaina sy fitaovana tena ilaina eo amin'ny fanatanterahana ireo zava-kendren'ny fampandrosoana, dia teny entina ifaneraserana sy ampivoarana ny ara-tsosialy manerana ny tanin'ny Repoblikan'i Madagasikara. fepetra mifanaraka amin'izany no tsy maintsy ho raisina ho amin'ny fampiasana azy ao anatin'ny sehatra samihafa eo amin'ny fiainam-pirenena, indrindra indrindra ny fifandraisana eo amin'ny rafi-pitondrana sy fifandraisana ofisialy ;

- ny fifanakalozana eo amin'ny fiteny Malagasy samihafa dia hamafisina mba hampitomboana ny hery mampiombona ananan'ny teny sy ny fahafahany haneho ireo toe-javatra rehetra eo amin'ny fiainana manaraka ny toetr'andro. Ny hetsika toy ny fanangonana ny fomba fanao am-bava sy ny fandraiketana izany amin'ny fitaovana maharitra, ny fampiasana ny teny eo amin'ny sehatra siantifika, pedagojika ary ara-javakanto dia hohamafisina.

II- Ny amin'ny teny vahiny :

- ny fidirana amin'ny fianarana teny vahiny ary koa ny fampielezana izany hatrany amin'ny toerana tena lavitra dia tsy maintsy hamoraina ;

- ny mpifarimbona eo amin'ny lafiny teny dia tokony ampitomboina ;

- ny fandikana amin'ny teny maro dia tokony hamafisina mba hivoizana ny fahalalana, ny hevitra ary ny vokatry ny kolontsaina.

**Andininy 16**.- Ny fanatsarana ny fepetra mikasika ny vokatry ny zavakanto dia ahitana ireto asa ireto :

- fanatsarana ny tontolon'ny kolontsaina sy ny zavakanto ;

- fananganana rafitra momba ny fanofanana sy fampirantiana ara-java-kanto amin'ny faritra sy eto amin'ny firenena ;

- fananganana tahirin-java-pantatra azo itokiana momba ny lova ara-kolontsaina (matihanina amin'ny kolontsaina, ny fitambaran'ny boky nosoratana, ny famoronana…) ; ahatonga ireny zava-pantatra ireny ho azon'ny besinimaro ampiasaina, indrindra indrindra amin'ireo mampiasa vola hamokarana sy ireo matihanina eo amin'ny lafiny kolontsaina, eo amin'ny tsena toy ny eto amin'ny firenena sy ny iraisam-pirenena ihany koa ;

- fanamorana ny fivezivezen'ireo mpamorona, mpanakanto, mpamokatra, mpiserasera eto amin'ny fanampiana azy ireo amin'ny lalàna arahin'izy ireo. Amin'izany dia tena ilaina ny mamolavola tari-dalàna mikasika ny :

- paika arahina amin'ny fahazoana taratasy fanamarinana izay atao maty paikandro ara-dalàna ;
- fandaminana ny dia aleha ;
- fomba arahina ara-panjakana amin'ny fanekena vonjimaika ny vokatra sy ny fitaovana momba ny kolontsaina ;
- fanaraha-maso ny fifanarahana sy fifanekena rehetra noraiketin'ny Fanjakana Malagasy manomboka ny ahazoana ny fahaleovantena ;

- famolavolana sy/na fampanarahana indray amin'ny zava-misy ankehitriny sy/na fanamafisana sy fanapariahana ny rijan-tenin-dalàna mikasika :

- ➢ ny zon'ny mpamorona sy ny fitompoana eo amin'ny lafiny indostria amin'ny fampandrosoana amin'izany ny asan'ireo rafitra rehetra ara-dalàna toy ny OMDA, ny OMAPI ary ireo karazam-piarovana ara-pitsarana hafa hiantohana ny zon'ny mpamorona, ny artista, ny mpamokatra, ny mpanonta, ny mpandefa ny vokatra ara-kolontsaina ;
- ➢ amin'ny fitsipi-pitondrana mifehy ny mpanao izany ho anton'asa ;
- ➢ amin'ny fitsipi-pitondrana mifehy ny mpanao

izany araka ny fomba nentim-paharazana ;

- amin'ny fisolokiana ;
- amin'ny indostria, momba ny kolontsaina,

- fampihenanany haba isan-karazany mikasika ny asa aman-draharaha momba ny kolontsaina sy ny fitaovana ; ary anafahana ireo izay mikasika ny kolontsaina Malagasy vita tany ivelany ;

- famoronana ny vola tahiry fanohanana ny famokarana ny vokatra ara-java-kanto.

**Andininy 17**.- Ny fampandrosoana ny indostria ara-kolontsaina dia mahasahana sehatra arak'asa telo, anisan'izany :

- ny indostria momba ny kolontsaina arak'izany ;

- ny teknolojia momba ny fampahalalam-baovao ;

- ny haino aman-jery.

**Andininy 18**.- Ny fivoaran'ny indostria ara-kolontsaina dia mahatarika :

- ny fampisehoana ny fahasamihafan'ny kolontsaina na eo amin'ny sehatry ny firenena na faritra hampanan-karena ny fanampiana avy any ivelany ;

- ny fampivondronana ireo mpirotsaka an-tsehatra amin'ny Tahirimbola antoka any amin'ny banky ho an'ny indostria momba ny kolontsaina fanararaotra sy mavesa-dnja ;

- ny famolavolana sy ny fampiharana ny politikan'ny boky sy ny famakian-teny ho fanomezana tombondahiny amin'ny fampandrosoana ny indostria eto amin'ny firenena amin'ny fanontana.

**Andininy 19**.- Mba ho fampandrosoana haingana sy maharitra, ny Minisitera miandraikitra ny kolontsaina dia mikendry ny fiaraha-miasa maharitra miaraka amin'ireo mpiara-miasa ara-teknika sy ara-bola, Fanjakana sy tsy miankina amin'ny Fanjakana mba hamolavolana sy hampandehanana ny drafitra momba ny fampandrosoana ny teknolojia momba ny fampahalalambaovao manaraka ny toetr'andro sy mahomby.

**Andininy 20**.- Ao anatin'ny sehatry ny fampandrosoana ny haino amanjery, ny Minisitera miandraikitra ny kolontsaina dia :

- mampandroso ny tetikasa manana endrika famoahana amin'ny fampielezam-peo izay miantoka ny fampivoarana sy ny fanomezandanja ny maha izy azy eo amin'ny kolontsaina sy ny fahasamihafana eo amin'ny fanehoany azy ;

- miantoka ny famindrana sy ny fanaraha-maso ny haino aman-jery sy ny fifandraisana, ny fanaovana azy ao anaty tambajotra sy ny fanamafisana ny fahaleovantenany ; na izany aza anefa ilaina ny fandinihana izahan-taratra mikasika ny famolavolana ny bokin'andraikitra izay ahafahana miaro ny fahasamihafan'ny fanehoana ny kolontsaina sy miantoka ny ady hevitra momba ny kolontsaina eo anivon'ny tany Malagasy ;

- mitarika ny asa mamporisika ny fampandrosoana ny sarimihetsika ny haino aman-jery ka omen-tombontsoa ny tetikady mandrisika amin'ny famoronana sy ny fampiroboroboana ny sehatr'asa tsy miankina amin'ny Fanjakana ahafahana mamaly ny zavatra ilaina amin'izao fotoana izao sy ho avy mikasika ny lalam-pamoahambaovao.

Na izany aza anefa, dia misy fanomezan-danja manokana azo ekena :

- amin'ny famaritana ny tetikady momba ny famokarana sy ny fanaovana fandaharana amin'ny televiziona izay mamaly ny hetahetan'ny mpijery mikasika ny fandaharana manakaiky azy ireo (andian-tantara tsy mitohy, boky kely, tantara fohy alefa amin'ny televiziona) nalaina avy amin'ny zava-misy eo amin'ny fiaraha-monina sy ny kolontsaina eo an-toerana ;

- amin'ny fametrahana ny tetikady manampy ny mpamorona sy ny mpampiasa vola tsy miankina amin'ny Fanjakana ;
- amin'ny fizarana sy fitrandrahana ny asa fanaovana sarimihetsika sy haino aman-jery ary ny fampidirana izany ao anatin'ny efitra fandefasana sarimihetsika.

**Andininy 21**.- Ny fanabeazana ara-kolontsaina sy amin'ny maha olom-pirenena ny tanora Malagasy dia mitaky :

- fampidirana ao amin'ny fandaharam-pianarana ny taranja mikasika ny fanabeazana momba ny kolontsaina sy ny momba ny maha olom-pirenena fa tsy ny maha olom-pirenena vanona fotsiny ihany ;

- fampidirana ao amin'ny fandaharam-pianarana amin'ny ambaratonga rehetra ny asa famolavolana mba hanentanana ny famoronana ;

- fananganana ny foibem-panofanana ara-kolontsaina sy ara-java-kanto ho an'ny zavakanto voakaly, zavakanto nohalalinina, ny asa aman-draharaha ary ny asa mikasika ny kolontsaina ;

- fanamafisana ny sehatra ifanakalozana ara-kolontsaina eo anivon'ny toeram-pampianarana sy any amin'ny oniversite.

**Andininy 22**.- Ny fametrahana ny rafitra ifampidinihana maharitra, itarina amin'ireo mpanao asa momba ny kolontsaina ao amin'ny fikambanan'olon-tsotra sy eo amin'ny sehatra tsy miankina amin'ny Fanjakana ka anisan'izany : ny Filankevim-pirenena mpanori-dàlana momba ny kolontsaina sy ny Filankevim-pirenena momba ny zava-kanto dia faritana amin'ny alalan'ny didy aman-dalàna.

Ny fananganana ny firaisan-draharahanà mpanentana momba ny kolontsaina avo lenta miasa any amin'ireo tetikasa fampandrosoana mirindra ny kolontsaina dia faritana amin'ny alalan'ny didy aman-dalàna.

## TOKO V
## FEPETRA SAMIHAFA SY FARANY

**Andininy 23**.- Hisy rijan-tenin-dalàna horaisina raha ilaina ho fampiharana ity lalàna ity.

**Andininy 24**.- Havoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika ity Lalàna ity.

Hotanterahina izany fa Lalàm-panjakana.

**Antananarivo, faha**

**NY FILOHAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA,**

**NY SEKRETERA,**

**LAHINIRIKO Jean**